Repoblikan'i Madagasikara
Tanindrazana-Fahafahana-Fandrosoana

Ambassade de Madagascar
Berlin-Falkensee

N°08/841/AMB/RFA/CMD/HR

Falkensee, faha- 03 Novambra 2008

Ho an' .....
(mpandray anjara tamin'ny fihaonana diaspora Wittenberg)

Antony : - **Fihaonantsika tany Wittenberg (Oktobra 2008)**
- **Fanomanana ny 26 jona 2009**

Tompoko,

Voninahitra sy fifaliana ho an'ny Masoivohon'i Madagasikara eto Alemaina ny manoratra izao taratasy izao ho fisaorana sy fankatelemana anareo rehetra nandray anjara tamin'ny Fihaonan'ny Malagasy eto Alemana sy ny manodidina, notontosaina tao Lutherstadt Wittenberg ny 10 sy 11 oktobra 2008 lasa teo.

Nahafaly ny fahatongavan'ny NLIM sy ny projet Ambatovy nitondra vaovao avy any Madagasikara; ny solontenan'ny Ministeran'ny Fiaraha-miasa eto Alemana sy ireo fikambanana miara-miasa aminy; ny solontenan'ny diaspora avy any Nigéria. Nahafa-po ny fandraisana nataon'ny Fondation Leucoria sy ny Wittenberg Center for Global Ethics, izay nampiantrano antsika.

Misy ho saintsainina ny dinika nifanaovana ary misaotra anareo noho ireo tolo-kevitra maro avy aminareo. Hisy solontena avy amin'ny mpanomana sy ny mpandray anjara handinika ireo ho fanohizana ireo foto-kevitra noresahina nandritra iny fihaonana iny.

Mampahatsiahy sahady izahay fa kasaina hatao any amin'ny tanàna hafa ivelan'i Berlin ny fankalazana ny Fetin'ny Fahaleovantena 26 jona amin'ny 2009 ho avy io, mba hifanakakaizantsika bebe kokoa. Koa miantso ireo fikambanana vonona hifanome tànana amin'ny fanatontosana izany izahay mba hanome soson-kevitra sy hifandray aminay dieny izao.
Hisaorana isika, handefa ny volavolan-kevitra ny faha- 31 Janoary 2009, fara fahatarany.

Mametraka ny veloma finaritra, anareo ho amin'ny manaraka indray, Tompoko.

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
AMBASSADE EN R.F.A.

Alphonse RALISON
AMBASSADEUR

Seepromenade 9 2 - D-14612 Falkensee - Phone +49 3322-23 140 - Fax: +49 3322-23 14 29
Deutsche Bank AG Berlin
Kontonummer: 0669150- BLZ: 100 700 00
E-mail: info@botschaft-madagaskar.de
www.botschaft-madagaskar.de